



# Troisième Recensement Général de la Population et de l'Habitation (RGPH-3) - MADAGASCAR -

## **MENU « RGPH3 2018 » (VERSION MALAGASY)**

### **INONA NO ATAO HOE FANISANA NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA (RGPH) ?**

Ny atao hoe Fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana (RGPH) dia fitambaran'ny asa fanangonana, fanambarana, fanombanana, fikirakirana, fandalinana ary famoahana antontan-kevitra momba ny mponina sy ny toekarena ary ny lafiny sosiahy –mandritra ny vanim-potoana iray– mikasika ny olona rehetra monina amin'ny firenena iray.

### **ISAKY NY FIRY TAONA NO ISAINA NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

Isaky ny folo (10) taona amin'ny ankapobeny no manatanteraka ny Fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana (RGPH) ny firenena tsirairay.

### **NAHOANA NO ISAINA NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

Maro ny antony tsy maintsy hanatanteraha ny fanisana ankapobeny fahatelo ny mponina sy ny toeram-ponenana, anisan'izany ireto tanisaina manaraka ireto :

- Tamin'ny Aogositra 1993 no nisaina farany ny mponina teto Madagasikara (RGPH-2), izany hoe 25 taona lasa izay. Ny Firenena Mikambana anefa dia manentana ny firenena tsirairay mba hanisa ny mponina ao aminy isaky ny 10 taona farafaharatsiny.
- Ny RGPH3 no entina manavao ny antontanisa momba ny mponina izay nanganina tamin'ny taona 1975 sy 1993. Ny antontanisa azo avy amin'izany no handrafetana ny politikam-pampandrosoana ara-toekarena sy ara-tsosialy eo amin'ny faritra tsirairay sy ny firenena manontolo.
- Ny RGPH3 no hanatevenana ny tahirin'antontan-kevitra eo am-pelatanana mikasika ny mponina eto Madagasikara mba ahafahan'ireo mpamolavola tetipivoarana sy ny mpandray fanapahan-kevitra manana ny tondro fototra ilaina amin'ny fandrafetana, fanaraha-maso ary fanombanana ny tetikasa sy fandaharanasam-pampandrosoana.
- Ny RGPH3 no entina hampiroborobo ny fitsinjaram-pahefana sy ny fampandrosoana ifotony ny Faritra 22, ny Prefektiora 24, ny Distrika 119, ny Kaominina 1 727 ary ny Fokontany izay mahatratra 18 251 eo ho eo.

- Misy antonta-kevitra maro ihany koa azo avy amin'ny RGPH3 izay azo :
  - ✓ *entina hanara-maso sy hanao tombana ireo fandaharanasam-pampandrosoana eo amin'ny firenena, ny faritra sy ny sehatra ara-tsosialy isan-karazany (fahasalamana, fanabeazana,... ,...*
  - ✓ *hijerena ny fivoaran'ny lahy sy ny vavy (Genre).*
  - ✓ *hanaraha-maso ny fivoaran'ny fahantrana.*
  - ✓ *hanavaozana ny tahirin-kevitra entina manatanteraka fanadihadiana (base de sondage) amin'ireo fanadihadiana ho tanterahin'ny INSTAT any aoriana any : EDSMD, EPM, MICS,...*
  - ✓ *hikajiana ireo tondro isan-karazany (fahafatesan'ny reny, ny fahasembanana,...*
- Natao hanamafisana ny fahaiza-manaon'ny INSTAT amin'ny fanangonana, fikirakirana ary fandalinana antontanisa ihany koa ny RGPH.

### **RAHOVIANA NO HO ISAINA NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

Ny Fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana faha- 3 dia hotanterahina ny 18 may 2018 hatramin'ny 10 jona 2018. Araka izany dia mitovy daholo ny daty hanatanterahana ny fanisana manerana ny nosy izay maharitra 24 andro eo ho eo.

Toy izao kosa ny fizotran'ny asa :

- Ny 7 andro voalohany no hametahana ny laharan'ny tokantrano tsirairay ka hisy famaritana ny faritra iasan'ny mpanadihady tsirairay ataony amin'izany ;
- Ny 17 andro manaraka kosa no hanatanterahana ny fanisana izay arahana fanadihadiana maharitra 25 minitra eo ho eo isaky ny tokantrano.

### **IZA AVY NO ISAINA AMIN'IZANY ?**

Ny tokantrano rehetra tsy ankanavaka manerana an'i Madagasikara no tsy maintsy isaina mandritra ny fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana : ny teratany malagasy, ny vahiny, any am-ponja, ny tsy manan-kialofana,...

### **IZA NO HANAO NY FANISANA ?**

Mpanadihady efa nahazo fiofanana manokana no hanatanteraka ny fanisana. Mahatratra 32 000 eo ho eo izy ireo no hiparitaka manerana ny nosy ary hanatanteraka ny asa.

Mitondra marika famantarana (badge) izy ireo mandritra ny fotoana hanatanterahany ny asany.

### **INONA AVY NY LALÀNA MIFEHY NY FANISANA ANKAPOBENY FAHATELO NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

- Ny didim-panjakana lah 2015-096 tamin'ny 10 Febroary 2015 mikasika ny Fanisana ankapobeny fahatelo ny mponina sy ny toeram-ponenana.
- Ny Didim-pitondrana lah 14 186/2015 tamin'ny 15 Aprily 2015 izay manangana ireo rafitra mpandrindra, mpanomana ara-teknika sy mpanatanteraka ny Fanisana ankapobeny fahatelo ny mponina sy ny toeram-ponenana.

### **ADIDY AMIN'NY FIRENENA VE NY FANDRAISANA ANJARA AMIN'NY FANISANA ANKAPOBENY NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

Adidy eo amin'ny firenena ny fandraisana anjara amin'ny fanatanterahana ny Fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana satria ny fananana antontanisa marina, feno ary ara-potoana no hahafahana mamolavola, manara-maso ary manombana ireo tetikasa fampandrosoana ny firenena.

Ny adidin'ny tokantrano tsirairay dia ny fandraisana tsara ireo mpanadihady sy ny fanomezana valinteny mazava, marina ary feno.

### **MIJANONA HO TSIAMBARATELO VE NY VALINTENIN'NY TOKANTRANO HADIHADIANA ?**

Ny lalàna lah. 68-003 tamin'ny 18 Jona 1968 amin'ny andiny voalohany dia mandidy ny olom-pirenena na ny orinasa tsirairay hamaly ny fanontaniana apetraky ny mpanadihady. Ny andininy faharoa kosa dia mandrara ireo mpanadihady mba tsy hamoaka ny valim-panadihadiana.

Mijanona ho tsiambaratelo tanteraka araka izany ny valim-panontaniana omen'ny tokatrano tsirairay.

### **RAHOVIANA NO HIVOAKA NY VALIN'NY FANISANA ANKAPOBENY FAHATELO NY MPONINA SY NY TOERAM-PONENANA ?**

Telo volana (3) aorian'ny anatanterahana ny Fanisana ankapobeny fahatelo ny mponina sy ny toeram-ponenana no hivoaka ny vokatry vonjimaika. Ny voka-panadihadiana feno kosa dia ho azo amin'ny faramparan'ny taona 2019.

Tsara ho marihina fa mitaky fotoana maharitra ny fikirakirana ny vokatry ny fanisana ny mponina sy toeram-ponenana noho ny hamaroan'ny rafim-panontaniana hokirakiraina.

### **AIZA NO AHITANA NY VALIN'NY FANISANA ?**

Maro ny toerana ahafahana mahazo ny vokatry ny fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana :

- Ao amin'ny INSTAT eny Anosy izay manana trano famakiam-boky ;
- Any amin'ireo Sampandraharaham-paritry ny INSTAT any amin'ny Faritra 22 ;
- Any amin'ireo trano famakiam-boky tantanan'ny Fanjakana : Tranombokim-pirenena, Tranomboky Minisipaly ;
- Any amin'ny Tranombokin'ny Oniversite ;
- Ankoatr'ireo dia azo alaina amin'ny tranokalan'ny INSTAT ([www.instat.mg](http://www.instat.mg)) ihany koa ny vokatry ny Fanisana ny mponina sy ny toeram-ponenana.

### **RAHA MISY FANAMARIHANA, FANONTANIANA NA FITARAINANA, IZA NO SAMPANDRAHARAHAN'NY ATONINA ?**

Cellule Centrale d'Exécution du Recensement (CCER)

Immeuble Venus Anosizato - Antananarivo 101

Laharana maitso : 919 (ANTSO MAIMAIMPOANA)

Tel : (+261 20) 22 216 52

Fax : (+261 20) 22 332 50

E-mail : [rgph32018@instat.mg](mailto:rgph32018@instat.mg)

Site web : [www.instat.mg](http://www.instat.mg) - Facebook : RGPH3 2018

## **MENU « RGPH3 2018 » (VERSION FRANCAISE)**

### **QU'EST-CE QUE LE RECENSEMENT GÉNÉRAL DE LA POPULATION ET DE L'HABITATION (RGPH) ?**

Le RGPH est un ensemble d'opérations consistant à recueillir, à grouper, à évaluer, à traiter, à analyser, à publier et à diffuser les données démographiques, économiques et sociales se rapportant, à un moment donné, à tous les habitants d'un pays.

Il constitue de ce fait une source majeure d'informations sur l'état et la dynamique de la population et permet de connaître, à une date donnée (instantanéité), l'effectif de la population d'un territoire, sa répartition par unité administrative et sa structure selon les caractéristiques démographiques, sociales et économiques.

### **QUAND UN PAYS DOIT-IL RÉALISER LE RGPH ?**

En général, il est recommandé à chaque pays de réaliser un recensement général de la population et de l'habitation tous les dix (10) ans.

### **POURQUOI RÉALISER LE RGPH3 ?**

La réalisation du RGPH3 se justifie alors comme suit :

- Le dernier recensement (RGPH2) de Madagascar date d'août 1993, c'est-à-dire il y a 25 ans de cela. Or, l'Organisation des Nations Unies recommande à chaque pays que les recensements de la population et de l'habitation aient lieu au moins tous les dix (10) ans.
- Le RGPH3 actualisera les informations collectées au cours des deux premiers recensements à savoir celui de 1975 et celui de 1993 du fait de leur caducité, et renforcera le cadre de conception de la politique et de la planification du développement économique et social aux niveaux national et local.
- Le RGPH-3 enrichira le stock de données démographiques sur Madagascar en vue de permettre aux planificateurs et aux décideurs de disposer d'indicateurs de base nécessaires à la mise au point, au suivi et évaluation des plans et programmes de développement ;
- Le RGPH-3 permettra de renforcer les bases de la décentralisation et des unités communautaires de développement au niveau des 22 régions, 24 préfectures, 119 districts, 1 727 Communes et environ 18 251 fokontany ;
- Le RGPH-3 fournira des données de base pour :
  - ✓ *Le suivi et l'évaluation des programmes de développement aux niveaux national, local et sectoriel (santé, éducation,...) ;*
  - ✓ *L'analyse des questions de genre ;*
  - ✓ *Le suivi de la pauvreté ;*
  - ✓ *La mise-à-jour de la base de sondage pour les enquêtes futures (EDS, MICS, EPM,...) ;*
  - ✓ *Le calcul des indicateurs additionnels relatifs : (i) à la mortalité maternelle ; (ii) au handicap ; (iii) à l'état-civil, en l'occurrence l'enregistrement des naissances.*
- Le RGPH-3 renforcera la capacité technique de l'INSTAT dans la conduite des opérations de collecte, de traitement, d'analyse, de dissémination et d'utilisation des produits y afférents.

## **QUAND AURA LIEU LE PROCHAIN RGPH ?**

Le Recensement Général de la Population et de l'Habitation se tiendra du 18 mai au 10 juin 2018. A cet effet, le dénombrement dans toute l'île aura lieu à la même période et durera environ 24 jours :

- les 7 premiers jours seront consacrés à la numérotation des bâtiments durant lesquelles l'Agent Recenseur (AR) effectuera une reconnaissance de son territoire de travail ;
- les 17 jours suivants seront consacrés au dénombrement proprement dit durant lequel l'AR effectuera une enquête d'environ 25 minutes dans chaque ménage.

## **QUI SERONT COMPTÉS LORS DU RGPH<sub>3</sub> ?**

Tous les ménages sans distinction doivent être recensés durant le troisième RGPH : les nationaux, les étrangers, les détenus, les sans-abris,...

## **QUI VA COLLECTER LES INFORMATIONS AUPRÈS DES MÉNAGES ?**

La collecte des données auprès des ménages sera effectuée par des Agents Recenseurs (AR) qui ont été formés à cet effet. Ils sont au nombre de 32 000 et porteront un badge pour les identifier lors de la visite des ménages.

## **QUEL CADRE REGLEMENTAIRE REGIT LE RGPH<sub>3</sub> ?**

Le Décret n°2015-096 du 10 février 2015 relatif au troisième Recensement Général de la Population et de l'Habitation et l'Arrêté n°14 186/2015 du 15 avril 2015 portant mise en place des organes de coordination, de préparation technique et d'exécution du troisième RGPH constituent les textes de référence juridique du RGPH-3.

## **PARTICIPER AU RGPH EST-IL UNE RESPONSABILITÉ CIVIQUE ?**

La participation des citoyens au RGPH<sub>3</sub> est bien plus qu'une responsabilité civique étant donné que la disponibilité de données/informations fiables, couvrant les divers domaines et à jour permet d'élaborer, de suivre et d'évaluer les projets et programmes nationaux de développement.

La contribution des ménages consiste à bien accueillir l'Agent recenseur et à lui fournir des réponses claires, nettes et complètes.

## **LES DONNÉES CONCERNANT CHAQUE MÉNAGE SONT-ELLES BIEN PROTÉGÉES ?**

La loi n° 68-003 du 18 juin 1968 sur l'obligation et le secret en matière statistique, en son article 2, stipule : «les agents des services publics ou des organisations professionnelles, appelés à servir d'intermédiaires pour les enquêtes, (...) , sont astreints au secret professionnel, sous les sanctions prévues à l'article 378 du Code Pénal».

Ainsi, les données relatives à chaque ménage sont considérées comme confidentielles et sont protégées par la loi suscitée durant la collecte, le traitement, l'analyse et la diffusion des résultats du RGPH<sub>3</sub>.

## **QUAND SERONT DISPONIBLES LES RÉSULTATS DU RGPH3 ?**

Les résultats provisoires du RGPH3 seront disponibles environ trois (3) mois après les travaux de terrain.

Les résultats définitifs, quant à eux, seront disponibles vers la fin de l'année 2019.

Il sied de mentionner qu'un laps de temps assez long est nécessaire pour le traitement des données du RGPH étant donné le nombre élevé des questionnaires à traiter.

## **COMMENT ACCÉDER AUX RÉSULTATS DU RGPH3 ?**

Les résultats du RGPH3 seront consultables gratuitement auprès des entités ci-après :

- l'INSTAT Anosy qui dispose d'un Centre de documentation ;
- les Directions interrégionales/Services régionaux de l'INSTAT qui sont localisés dans les 22 Régions ;
- les bibliothèques publiques : Bibliothèque Nationale, Bibliothèque Municipale, le CIDST,... ;
- la Bibliothèque Universitaire.

En outre, la version électronique des résultats du RGPH3 seront téléchargeables à partir du site web de l'INSTAT ([www.instat.mg](http://www.instat.mg)).

## **À QUI S'ADRESSER POUR LES REMARQUES, LES QUESTIONS OU LES DOLÉANCES ?**

Cellule Centrale d'Exécution du Recensement (CCER)

Immeuble Venus Anosizato - Antananarivo 101

Numéro vert : 919 (APPEL GRATUIT)

Tél : (+261 20) 22 216 52

Fax : (+261 20) 22 332 50

E-mail : [rgph32018@instat.mg](mailto:rgph32018@instat.mg)

Site web : [www.instat.mg](http://www.instat.mg) - Facebook : RGPH3 2018